


**FANAMBARANA AN-GAZETY**

Vonona hiasa ny laboratoara mitety vohitra hiadiana sy hisorohana ny areti-mifindra

Laboratoara mitety vohitra no natolotry ny fanjakana amerikana hanampiana ny Ministeran'ny Fahasalamam-Bahoaka eto Madagasikara amin'ny alàlan'ny tetikasan'ny Institut Pasteur de Madagascar

ANTANANARIVO, 19 Septambra 2019. Tafiditra amin'ny ady atao amin'ny areti-mifindra ny famatsian'ny fanjakana amerikanina, amin'ny alàlan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Maneran-tany, (USAID) ny laboratoara mitety vohitra vaovao hanaraha-maso sy hiadiana amin'ny fihanaky ny areti-mifindra eto Madagasikara. Ity laboratoara ity izay mipetraka ambony fiara tsy mataho-dàlana dia hampiasain'ny Institut Pasteur de Madagascar (IPM) ho fanohanana ny asa fanaraha-maso sy fiadiana amin'ny areti-mifindra ataon'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka.
Mitentina 200.000 dolara ity laboratoara ity izay ahitana fitaovana tena raitra, ary afaka mandeha amin'ny làlan-dratsy.

Nandritra ny lanonam-panokanana natao ny alakamisy 19 septambra 2019 tao amin'ny IPM, dia nanambara ny Mpanolo-tsaina Voalohan'ny masoivoho amerikana, Atoa Stuart R. Wilson, fa : "Ankehitriny ireo mararin'ny pesta sy valan'aretina hafa dia hahazo fizahana sy fitsaboana sahaza haingana dia haingana. Efa voafana avokoa ireo teknisianina sy mpamily ary vonona ny hiasa ity laboratoara mitety vohitra ity!".

Nanatrika ny lanonana ihany koa ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, Pr. Julio Rakotonirina, sy ny solontenan'ireo mpamatsy vola, ka anisan'izany ny solontenan'ny Masoivoho frantsay eto amintsika sy ny solontenan'ny Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana misahana ny Fahasalamana (OMS). Miara-miasa akaiky ny USAID, IPM, PSI ary ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny fanaraha-maso ny areti-mifindra sy ny fikarohana momba ny fahasalamam-bahoaka.
Tamin'ny taona 2017, mandritra ny fihanaky ny valan'aretina pesta, no tsapa fa tena ilaina ny laboratoara mitety vohitra. Izy ity dia hanao fisedrana sy analizy microbiolojika ary fanadihadiana any amin'ny faritra lavi-toerana. Hanamora ny fanadihadiana mikasika ny fihanaky ny areti-mifindra koa izy, toy ny tazomoka, ny pesta sy ny kitrotro. Amin'ny fahafahany mitety vohitra sy mamantatra haingana ny otrikaretina, ity laboratoara ity dia fitaovana manampy ny laboratoara lehibe toy ny Centre National de Référence et Centre Collaborateur OMS manampy ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny fanaraha-maso ny areti-mifindra mety hisy.

Raha misy trangan' areti-mifindra ahiana dia afaka miasa haingana ny laboratoara, ary manao fizahana biolojika eny an-toerana mba hanamarinana ny fitiliana epidemiolojika, izay hampihena ny fotoana ilain'ny tompon'andraikitry ny fahasalamana hametrahana ny ny fepetra mahomby tokony horaisina haingana.


Laboratoire

[illegible]





[illegible]